# CAMEROUN (BAMENDA)

## 50 taona naha relijiozy



Mankalaza ny faha 50 taona naha relijiozy azy Masera Marie Joseph fikambanan'ny Sœurs du Christ Union Mysterium Christi, niaraka tamin'izany ihany koa pretran'ny diosezy, mompera Ernest sy mompera Victor, nankalaza ny faha-25 taona naha pretra.



Tamin'ny 25 avrily 2021 no natao ny fankalazana tao amin'ny Paroasy Md Piera n'i Bambui Arsidiosezin'i Bamenda - Cameroun izay ikatrohan'i masera Marie Joseph amin'ny sehatra pastôraly.



Nandritra ny fankalazana, mompera Victor tamin'ny ny toriteny nampirisika ny tanora lahy sy vavy mba hanokatra ny fon'izy ireo amin'ny famaliana ny antson'Andriamanitra amin'ny maha pretra na fiainan-drelijiozy. Nanavao ny voadiny masera Marie Joseph tamin'io fotoanan'ny Eokaristia io natrehan'i masera Marie Solange mpanolon-tsaina solon-tenan'ny lehibe jeneraly aty Cameroun.

Taorian'ny Sorona Masina nitohy tao amin'ny efitranon'ny Paroasy ny fotoana izay nanapahan'ireo mpankalaza jobily 3 ny mofomamynoravahan'ny dihy sy ny fifampizarana. Kristianina, pretra, relijiozy lahy sy vavy no nandray anjara tamin' ny fety. Hafaliana tsy omby tratra no marana ny andro.









**Masera Nkem Erica, Kôminôten'i Bambui (Cameroun)**